



Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson

Efa Nitsangana Izy!

Ilay fasana foana tamin'izany maraina voalohan'ny Paska izany no valin'ny fanontaniana napetrak'i Joba hoe: “Raha maty ny olona, moa ho velona indray va izy?”

Tena nahafinaritra ity fivoriana ity. Amin'ny anaran'ireo rehetra nandray anjara hatreto tamin'ny fitenenana sy ny hira, amin'ny maha Filohan'ny Fiangonana ahy, dia nisafidy aho ny hilaza aminareo fotsiny amin'izao fotoana izao teny iray monja izay fantatra ho teny tena manan-danja indrindra amin'ny teny malagasy. Ho an-dRahavavy Cheryl Lant sy ireo mpanolontsainany, ny amboarampeo, ny mpitendry mozika, ny mpandahateny, izany teny izany dia hoe “Misaotra.”

Taona maro lasa izay, dia nitsidika ny toerana fampirantiana haikanto malaza Tate aho fony tany Londres, Angletera. Naranty tao amin'ireo efitrano maro ny asa tanan'i Gainsborough, Rembrandt, Constable ary ireo mpahaikanto malaza hafa. Nankafy ny hatsaran'ireo asa tanana aho sy nankasitraka ny fahaizana notakiana mba hamoronana ireo sangan'asa ireo. Tao amin'ny rihana fahatelo anefa teny amin'ny zorony milamindamina somary miafinafina dia nisy sary hosodoko izay tsy vitan'ny hoe nanaitra ahy fa sady nampihetsi-po koa. Ilay mpahaikanto, Frank Bramley, dia nanao sary hosodokon'ny trano kely tsotra iray mitodika manatrika ny ranomasina misy rivotra mifofofoko. Nisy vehivavy roa tao anatin'izany, ny iray reny ary ny anankiray vadin'ny mpanjono izay tsy teo, ka niandry ny hiverenany izy ireo

nandritra ny alina. Ankehitriny dia efa dify ny alina, ary tsapan'izy ireo fa very tany an-dranomasina izy ka tsy hiverrina intsony. Nandohalika sy nanitrika ny lohany teo amin'ny fen'ny rafozany ilay vehivavy tompom-bady mbola herotrerony ary nitomany tamim-pahakiviana. Ireo labozia nitsonika teo am-baravarankely dia nanaporofa ny fotoana laniny niandry ny tsy nisy teo.

Tsapako ny naharotika ny fon'izany vehivavy mbola tanora izany; Tsapako ny fahoriany. Ilay anarana mazava tsy hay kosehina nomen'ilay mpahaikanto ity sangan'asany ity dia mampiseho ny fiafarana ratsin'ilay tantara. Izany dia hoe: Ilay Andro vao Mangiran-dratsin'ny Fahadisoam-panantenana.

Toa nilain'ity vehivavy vao herotrerony ity tokoa ny fampiononana, indrindra fa ny zavatra tena marina mihitsy aza avy amin'ilay “Vavaka ho

an'ny maty” nataon'i Robert Louis Stevenson, manao hoe:

*Ny fonenan'ny tantsambo dia any an-dranomasina,
Ary ny fonenan'ny mpibaza dia any an-tampon-kavoana.¹*

Ao anatin'ireo zava-mitranga rehetra eto amin'ny fiainana an-tany dia tsy misy na dia iray aza mahafantatra ny farany. Ho faty ny olon-drehetra. Izany no “lova iarahantsika manana. Mety ho ny zaza menavava na ny tanora no voafaokany. Mety hitsidika eo amin'ny fotoana hiantombohan'ny fiainana izany; na mety hihemotra rehefa fotsy volo ny fiantsoany. Mety ho tonga vokatry ny loza na aretina izany, . . . na . . . avy amin'ny loza ara-boajanahary; fa izy dia tsy maintsy ho tonga.”² Tsy azo ihodivirana fa dia mampiseho fahabangana maharary eo amin'ny fiarahana izany ary indrindra eo amin'ny tanora, dia ho toy ny rivotra mandrodana ireo nofinofy izany sy mandrava ireo fikasana ary mandevina ny fanantenana.

Inona no zavatra tsy nosaintsainin'ny olombelona iray, izay nilaozan'olon-tiana iray na izy mihitsy no efa ambavahaonan'ny fahafatesany, fa mian-dry azy ireo any ankoatry ny voaly izay manasaraka ny hita maso sy ny tsy hita maso?

Taonjato maro izay, ilay lehilahy antsoina hoe Joba—izay voatahy naharitra tamin'ny fananana zavatra ara-nofo rehetra, nefa lasa nianjadian'ny fahoriany rehetra izay mety hitranga amin'ny zanak'olombelona—dia nipetraka niaraka tamin'ireo namany no sady nametraka ilay fanontaniana tsy voafetra-potoana sy tsy lany andro hoe: “Raha maty ny olona, moa ho velona indray va izy?”³ Nametraka ilay fanontaniana



mipetraka ao an-tsain'ny lehilahy sy vehivavy rehetra miaina eto ambonin'ny tany i Joba.

Amin'izao marain'ny Paska lehibe izao dia te-hiresaka momba ny fanontanian'i Joba aho—"Raha maty ny olona, moa ho velona indray va izy?"—ary te-hanome ny valiny izay tsy avy amin'ny fandalinana tao an-tsaina fotsiny fa avy tamin'ny teny nambaran'Andriamanitra. Hatomboko amin'ny manandanja indrindra izany.

Raha toa ka misy ireo zavatra noforonina eto amin'ity tany ity dia misy koa izany ny Mpamorona. Iza no afaka mahita ny zava-mahagagan'izao tontolo izao ka tsy hino fa noforonina ny olombelona rehetra? Iza no misalasala ka hilaza fa tsy misy ny Mpamorona?

Ao amin'ny bokin'i Genesisy no ianarantsika ny naharian'ilay Mpamorona Lehibe ny lanitra sy ny tany. "Ary ny tany dia tsy nisy endrika sady foana; ary aizina no tambonin'ny lalina."

"Misia mazava," hoy ilay Mpamorona Lehibe, "dia nisy mazava." Nahary ny habakabaka Izy. Nanasaraka ny tany tamin'ny rano Izy ary niteny hoe: "Aoka ny tany haniry ahitra, . . . ary hazo fihinam-boa izay mamoa, samy araka ny karazany avy, ka manam-boa ao aminy."

Nisy hazavana roa Nohariany—ny masoandro sy ny volana. Nanaraka avy eo ny fahariany ny kintana. Nampisy ny zava-manan'aina teny ambony rano Izy ary ny voro-manidina eny ambonin'ny tany. Ary dia tontosa izany. Nahary ny biby fiompy sy biby hafa Izy ary ireo biby mandady. Efa ho tontosa ny fahariana.

Tamin'ny farany mihitsy no nahariany ny olona araky ny Endriny—lahy sy vavy—izay hanjaka amin'ny zava-manan'aina rehetra.⁴

Ny olombelona ihany no nandray ny faharanitan-tsaina—ny atidoha, ny saina, ary ny fanahy. Ny olombelona ihany izany, miaraka amin'ireo toetra ananany ireo, no afaka hino sy hanampantenana, handray fitaomampahy sy hanana faniriana.

Iza no afaka hino ny zavatra hitranga amin'izany olombelona izany—izay asa tanana tena mendri-kaja nataon'ilay Mpamorona Lehibe, sady nomeny fahafahana hanjaka amin'ny zava-manan'aina rehetra, miaraka amin'ny saina sy faniriana, eritreritra sy fanahy,

amin'ny faharanitan-tsaina sy ny fahamasinana—hoe hitsahatra hatreo rehefa miala amin'ny vatany eto an-tany ny fanahiny?

Tsy maintsy mankasitraka ny tanjon'ny fiainana isika mba hahatakarantsika ny tena dikan'ny fahafatesana. Ilay hazavana manjavozavon'ny finoana dia tokony ho soloin'ilay hazavan'ny fanambarana izay toy ny masoandro mibaliaka izay ahalalantsika fa niaina isika talohan'ny nahaterahantsika teto an-tany. Nandritry ny fiainana talohan'ny nahaterahana dia isan'ireo zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra tsy nisalasala nihiaka vokatry ny fifaliana isika noho ny fahafahana hiatrika ity fiainana feno fitsapana ity nefa ilaina.⁵ Fantatsika fa ny tanjontsika dia ny hahazo vatana, handresy ny fitsapana ary hanaporofo fa hitandrina ny didin'Andriamanitra. Fantatry ny Raintsika fa ho alaina fanahy isika, hanota ary handalo fahalavoana noho ny toetoe-try ny fiainana an-tany. Ka mba hahitantsika fahombiazana dia nanome Mpamonjy iray Izy izay hijaly sy ho faty ho antsika. Tsy hanonitra ny otantsika fotsiny Izy fa handresy ihany koa ny fahafatesan'ny vatana ho ampahan'ny Sorompanavotana izay tsy maintsy handalovantsika vokatry ny Fahalavoan'i Adama.

Noho izany antony izany no nahaterahan'i Kristy, ilay Mpamonjy antsika teo an-tany tao an-tranon'omby tao Betlehema 2.000 taona mahery izay. Efa tonga ilay Mesià nambara hatry ny ela.

Vitsy ny zavatra voasoratra mikasika ny fahazazan'i Jesoa. Tiako ilay andalana ao amin'i Lioka, manao hoe: "Ary Jesosy nitombo saina sy tena sady


nandroso fitia tamin'Andriamanitra sy ny olona."⁶ Ary ny avy ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apôstôly, dia misy andian-teny fohy mikasika ny Mpamonjy izay misy dikany lehibe tokoa manao hoe: "nandehandeha nanao soa [Izy]."⁷

Nataon'i Jaona batisa teo amin'ny reniranon'i Jordana Izy. Niantso ny Apôstôly Roambinifolo Izy. Nanasitrana ny marary. Nampitsangana ny malemy, nampahiratra ny jamba ary nampalady ny sofin'ny marenina. Nampitsangana ny maty mihitsy aza Izy. Nampianatra, nijoro ho vavolombelona ary nanome ohatra tonga lafatra mba ho arahantsika Izy.

Ary dia nanakaiky ny farany ny iraka nampanaovina ny Mpamonjin'iazontolo izao. Nisy ny fanasana farany niarahany tamin'ny Apôstôliny izay nitranga tao amin'ny efitrano ambony iray. Efa niandry i Getsemane sy ny hazo fijalian'i Kalvary.

Tsy misy olombelona mahatakatra tanteraka ny zavatra nataon'i Kristy ho antsika tao Getsemane. Izy, tenany, taty aoriana no namaritra izany zava-nitranga izany hoe: "Fijaliana izay nahatonga ny Tenako, Ilay Andriamanitra, Ilay lehibe indrindra noho ny rehetra, hangovitra noho ny fangirifiriana sy hivoa-dra amin'ny mason-koditra rehetra, ary hijaly na vatana na fanahy."⁸

Taorian'ny fanaintainana tao Getsemane, izay efa nahavery ny tanjany rehetra, dia nosamborin'ny vondron'olon-dratsy masiaka an-keriny Izy ka noentina teo anoloan'i Anasy, Kaifasy, Pilato ary Heroda. Nendrikendrehina sy nompaina Izy. Ny daroka sy vono tsy an-kijanona dia vao mainka nandrera-ka ny vatany feno fanaintainana.



Niraraka nanaraka ny tarehiny ny ra rehefa noterena mba hapetraka eo amin'ny lohany ilay fehiloaha mahatsiravina vita tamin'ny tsilo, izay nandoaka mihitsy ny andriny. Avy eo dia mbola nentina indray teo anoloan'i Pilato Izy, izay nahatonga ny hiakiaka sy fahatezeran'ireo mpihetraketraka, nanao hoe: "Homboy, homboy."⁹

Nokapohina tamin'ny karavasy vita tamin'ny hoditra ahitana lohany vy sy taolana maranitra naraikitra tamin'izany karavasy izany Izy. Rehefa tafarina taorian'izany fikapohana mivaivay izany Izy dia nilanja ny hazo fijaliany tamim-pahavizanana tanteraka mandrapaha tsy nananany hery handeha intsony ary nisy olona iray izay nilanja ny enta-mavesany ho Azy.

Farany, teo amin'ny havoan'i Kalvary, raha nijery azy ary tsy afaka nanao na inona na inona ny mpanara-dia Azy, dia nonfatsihana teo amin'ny hazo fijaliana ny vatany feno ratra. Tsy nisy indrafo fa dia nozonina sy noesoaina Izy. Kanefa mbola nihiaka Izy hoe: "Raiko ô, mamelà ny helony, fa tsy fantany izay ataony."¹⁰

Nandeha ihany ny ora nifono fanaintainana rehefa teo am-pialana aina Izy. Nivoaka tamin'ny molony maina tanteraka ny teny hoe: "Raiko ô eo an-tànanao no atolotro ny fanahiko: ary rehefa niteny izany Izy, dia afaka ny ainy."¹¹

Rehefa avy nanafaka Azy tamin'ny fahorian'ny fiainana an-tany ilay fahatoniana sy fankaherezan'ily fahafatesana feno famindram-po, dia niverina teo anatrehan'ny Rainy Izy.

Afaka nandà ny Tompo teo amin'ny fotoana farany, kanefa tsy nanao izany Izy. Nidina tambanin'ny zava-drehetra Izy, mba hanavotana ny zava-drehetra. Nobataina tamim-pahamehana nefa tamim-panajana ny vata mangatsiakany ary napetraka tao amin'ily fasana nindramina.

Tsy misy teny manan-danja indrindra amiko voalazan'ny soratra masina mihoatra ny nolazain'ny anjely tamin'i Maria Magdalena vonton-dranomaso sy ilay Maria hafa rehefa nanatona ny fasana izy ireo, tamin'ny andro voalohan'ny herinandro, mba hikarakara ny vatan'ny Tompony. Hoy ilay anjely:

"Nahoana no ato amin'ny maty no hitadiavanareo ny velona?"



"Tsy ato Izy, fa efa nitsangana."¹²

Velona indray ny Mpamonjy antsika. Nitranga ny zavatra izay tena be voninahitra sy mankahery sy manome fahatokiana indrindra teo amin'ny tantaran'ny zanak'olombelona rehetra—dia ny fandresena ny fahafatesana. Voafafa ny fijaliana sy ny fangirifiriana tao Getsemane sy Kalvary. Azo antoka ny famonjena ny olombelona rehetra. Voaoitra ny fahalavaon'i Adama.

Ilay fasana foana tamin'izany maraina voalohan'ny Paska izany no valin'ny fanontaniana napetrak'i Joba hoe: "Raha maty ny olona, moa ho velona indray va izy?" Ho an'ireo izay mandre ny feoko no hanambarako fa raha maty ny olona dia ho velona indray izy. Fantatsika izany satria manana ny fahazavan'ny fahamarinana nambara isika.

"Ary satria ny olona iray no nisehoan'ny fahafatesana, dia ny Olona iray kosa no nisehoan'ny fitsanganan'ny maty.

"Fa tahaka ny ahafatesan'ny olona rehetra ao amin'i Adama no ahaveloman'ny olona rehetra kosa ao amin'i Kristy."¹³

Efa novakiako—ary inoako—ny vavolombelon'ireo izay nanatrika ny fangirifiriana nandritry ny fanomboana an'i Kristy sy ny fifaliana tamin'ny Nitsanganany tamin'ny maty. Efa nova-kiako—ary inoako—ny vavolombelon'ireo izay tany amin'ny Tany Vaovao

ka notsidihin'izany Tompo nitsangana tamin'ny maty izany.

Mino ny vavolombelona nozarain'ily iray, tamin'ity fotoampitantanana ity aho, izay niresaka tamin'ny Ray sy ny Zanakalahy tao amin'ny alakely antsoina hoe Ala kely Masina ary nanolotra ny ainy, ka nanisy tombokase ny fijoroany ho vavolombelona tamin'ny rany. Hoy izy:

"Ary ankehitriny, aorian' ireo tenivavolombelona maro izay efa natao momba Azy, dia inty ny tenivavolombelona, ny farany amin'ny rehetra, izay ataonay momba Azy: Fa velona Izy!

"Fa hitanay Izy, eo an-tanana ankavanan' Andriamanitra; ary renay ny feo manambara fa Izy no Zanaka Lahitokan'ny Ray."¹⁴

Hisinda hatrany ny haiziny ny fahafatesana vokatry ny fahazavana nentin'ny fahamarinana nambara. "Izaho no fananganana ny maty sy fiainana,"¹⁵ hoy ny Tompo. "Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo."¹⁶

Nandritra ny taona maro aho dia nandre sy namaky ireo fijoroana ho vavolombelona tsy tambo isaina, izay nozarain'ireo olona nijoro ho vavolombelona ny amin'ny fahamarinan'ny fitsanganana amin'ny maty ary nandray tao tao anatin'ny ora tena nilany azy, ny fiadanana sy fanohanana nampantenenain'ny Mpamonjy.

Holazaiko ny ampahan'ny iray amin'izany. Roa herinandro lasa aho izay no nandray taratasy avy amin'ny ray izay manan-janaka fito nanoratra mikasika ny fianakaviany, fa indrindra indrindra mikasika ny zanany lahy Jason, izay narary nanomboka teo amin'ny faha-11 taonany. Nandritra ny taona vitsivitsy dia niverimberina nitranga nandritra ny fotoana maromaro izany aretin'i Jason izany. Niresaka mikasika ny toetra tsaran'i Jason sy ny fanoloran-tena nasehony, na dia teo aza ny sakana ara-pahasalamany, ny rainy. Nandray ny Fisoronana Aharôna i Jason fony izy 12 taona ary "vonony ny hanandriana lalandava ny andraikiny mba ho lavarary, na salama izy na tsy salama." Nahazo ny Mari-pankasitrahana'ny Skoto antsoina hoe Eagle Scout izy tamin'ny faha-14 taonany.

Tamin'ny fotoam-pahavatra lasa teo, tsy ela taorian'ny fitsingerenan'ny



andro nahaterahan'i Jason tamin'ny faha-15 taonany, dia naverina nampidirina hôpitaly indray izy. Nandritra ny famangian-drainy an'i Jason, indray mandeha, dia hitany fa nikimpy ny masony. Tsy hainy raha mifoha na matory i Jason, fa dia nanomboka niresaka tamin'ny moramora izy. "Jason," hoy izy, "Fantatro fa nandalo zava-tsarotra maro ianao teo amin'ny fiainanao izay fohy ary sarotra ny manjo anao izao. Na dia dia misy ady goavana miandry anao aza dia tsy tiako ny hanarianao ny finoanao an'i Jesoa Kristy." Nilaza izy fa sanganehana raha nanokatra ny masony teo no ho eo i Jason ary namaly hoe "Tsy hisy mihitsy anie izany!" tamin'ny teny mazava sy feno fahatapan-kevitra hentitra. Nanakimpy ny masony avy eo i Jason ary tsy niteny intsony.

Nanoratra ny rainy hoe: "Tao anatin'izany fanambarana tsotra izany, no nanehoan'i Jason ny fijoroana ho vavolombelona tena matanjaka sy madio momba an'i Jesoa Kristy izay mbola tsy reko mihitsy hatramin'izay. . . . Rehefa niraikitra tao amin'ny fanahiko izany fanambarana "Tsy hisy mihitsy anie izany!" dia heniky ny fifaliana aho fa nitaly ahy ny Ray any an-danitra mba ho rain'ny zazalahy be voninahitra sy mahatalanjona toy izany. . . . [Izany] no fotoana farany nandrenesako azy nizara ny fijoroany ho vavolombelona momba an'i Kristy."

Na dia nanantena aza ny fianakaviany fa toy ireny fidirana hôpitaly toy ny

mahazatra ireny ity indray mitoraka ity, dia maty roa herinandro taorian'izay i Jason. Nanao asa fitoriana ny zokiny lahy sy vavy tamin'izay fotoana izay. Ny rahalahiny iray hafa, i Kyle, dia vao nandray ny antsony ho misiônera. Raha ny marina dia tonga aloha kokoa tsy araky ny niandrasana azy ilay antso ny 5 Aogôsitra, herinandro iray talohan'ny nandaozan'i Jason ny fiainana an-tany, ka nivorian'ny fianakaviana tao amin'ny efitranon'ny hôpitaly nisy azy mba hanokafan'i Kyle ny antsony sy hizarana izany amin'ny fianakaviana manontolo.

Nasian'ilay ray ny sarin'i Jason teo amin'ny fandrian'ny hôpitaly, miaraka amin'ny zokiny Kyle mijoro eo akai-kin'ny fandriany mihazona ilay taratasy mirakitra ny antsony, tao anatin'ny taratasy nalefany. Nasiany soratra teo ambanin'ilay sary hoe: "Samy voantso hanao asa fitoriana—ny iray eto antany ary ny iray any am-pitan'ny voaly."

Ireo rahalahy sy anabavin'i Jason izay efa tany amin'ny sahan'ny misiôna dia nandefa taratasy fampiononana mahafinaritra sy manohana izay novakiana nandritry ny fotoam-pandevenana an'i Jason. Ny anabaviny, izay nanompo tany amin'ny Misiônan'i Argentine Buenos Aires Andrefana, dia nanoratra hoe, tao ao anatin'ny taratasiny hoe: "Fantatro fa velona i Jesoa Kristy, ary satria velona Izy, dia hiverina hiaina indray koa isika rehetra, isan'izany i Jason malalantsika, . . . Afaka mahazo fampiononana avy amin'ireo fahalalana marina

ananany izahay fa efa nofehezina niaraka amin'ny maha-fianakaviana mandrakizay. . . . Raha manao izay tsara indrindra vitanay izahay amin'ny fankatoavana sy fanaovana ny tsara eo amin'ny fiainanay, dia habita [azy indray]." Notohizany izany, manao hoe: "Misy soratra masina [iray] izay tiako hatrizay lasa misy dikany sy lanjany vavoa amiko amin'izao fotoana izao. . . . [Ao amin'ny] Apôkalypsy toko 21, andininy 4: 'Ary [Andriamanitra hamafa] ny ronomaso rehetra amin'ny masony; ary tsy hisy fahafatesana intsony, sady tsy hisy alahelo, na fitarainana, na fanaintainana; fa efa lasa ny zavatra taloha.'" Ry rahalahy sy rahavavy malala, ao anatin'ny fotoam-pahoriantika tena lalina, dia afaka mandray fiadanana lalina avy amin'ilay anjely tamin'izany marainan'ny Paska izany isika, hoe: "Tsy ato Izy fa efa nitsangana."¹⁷

*Velona i Jesoa Kristy,
Mibirà sy mifalia.
Nitsangana ny Tomponao,
Ka hobio sy derao
Fitiavan-dehibe
Natolony anao re¹⁸*

Amin'ny maha iray amin'ireo vavolombelony manokana ahy anio eto an-tany, no hanambarako amin'ity Alahadin'ny Paska manan-daza ity, fa marina izany, amin'ny Anarany masina—dia ny anaran'i Jesoa Kristy, Tompontosika—Amena. ■

FANAMARIHANA

1. Robert Louis Stevenson., "Requiem," tao amin'ny *Anthology of Modern Verse*, Ed. A. Methuen. (1921), 208.
2. Talmage, James E., *Jesus the Christ*, 3rd ed. (1916), 20.
3. Joba 14:14.
4. Jereo Genesisy 1:1–27.
5. Jereo Joba 38:7.
6. Lioka 2:52.
7. Asan'ny Apôstôly 10:38.
8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:18.
9. Lioka 23:21.
10. Lioka 23:34.
11. Lioka 23:46.
12. Lioka 24:5, 6.
13. 1 Korintiana 15:21, 22.
14. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:22, 23.
15. Jaona 11:25.
16. Jaona 14:27.
17. Matio 28:6.
18. "Tafatsangana i Kristy!" ao amin'ny *Fibirana sy Hiran'ny Ankizy*.